## HO RESINTSIKA MORA FOANA NY «CORONAVIRUS»

# Soloy fanjakam-pisorona ny fanjakana Demokratika hoy ny G.E.T.M

## GROUPEMENT POUR L'EDIFICATION DE LA THEOCRATIE A MADAGASCAR ou G.E.T.M



Ny alin'ny faha 3 mey 2020 dia naharay hafatra avy tamin'Andriamanitra ny mpanoratra izay mpanompony ka toy izao izany hafatra izany: *"Raha toa ka tsy tianareo Malagasy, indrindra indrindra ianareo mpitondra ankehitriny no hahita faty olona mikararahana eto Madagasikara vokatr' io tsimokaretina coronavirus io, toy izay mitranga amin'ireo tany any ivelany **izay mampiasa lalàm-panorenana mifototra amin'ny atao hoe demokrasia**, toa ny any Amerika, Brésil, Inde, Afrique du Sud, Italia, Grande Bretagne, Frantsa sy ny sisa dia ovànareo haingana dia haingana io Lalàm-panorenan'ny Repoblika fahaefatra io ary raha tanterakareo izany dia hesoriko tsy hanankery intsony eto ambonin'ny tany **ihany koa** io tsimokaretina coronavirus io."*

Io no porofo fa tsy ankasitrahan'Andriamanitra ireo firenena izay mampiasa lalàm-panorenana mifototra amin'ny atao hoe "demokrasia" satria mifanohitra amin'ny foto-kevitra iorenan'ny Fanjakam-pisorona izay napetrak'Andriamanitra ho an'ny Zanak'Israely tao amin'ny toerana iray atao hoe Sinay izany demokrasia izany.

Ity indray no porofo ara-baiboly fa tsy ankasitrahan'Andriamanitra ihany koa ireo firenena izay mampiasa lalàm-panorenana mifototra amin'ny atao hoe "demokrasia". Io porofo io dia hita ao amin'ny bokin'i Zakaria toko faha 14. Toy izao no voalazan'ny andinin'ny faha 18 izay anisan'ny loza mahazo ireo firenena mampiasa ny foto-kevitra mifanohitra ny an'ny Fanjakam-pisorona : *" **sady ho tonga ny areti-mandrigana** izay hamelezan'I Jehovah ny firenena tsy miakatra hitandrina ny andro firavoravoana fitoerana an-trano rantsan-kazo".*

Noho ireo porofo roa ireo dia nandroso Lalàm-panorenan'ny Fanjakam-pisorona ny mpanoratra ary nanolotra izany tamin'ny Fanjakana izay misy ankehitriny.

Koa raha hanova Lalàm-panorenana ihany dia ity Lalàm-panorenana izay natokana ho an'ny Zanak'Israely samirery ity no mety amintsika malagasy satria voaporofo koa ankehitriny fa ny Malagasy no "Zanak'Israely vaovao" amin'izao andro moderina izao (vakio ny Gazety ny Valosoa vaovao laharana faha 1126 tamin'ny alakamisy faha11 febroary 2021).

Koa atsipy ny tady eny an- tandroky ny omby ary atsipy ny teny eny am-po mpahalala.

Natao teto Fianarantsoa ny faha 20 aprily 2021

Ny Filohan'ny Fikambanana



**RAHARIMALA Andriampenotiana**
**Mpikaroka Malagasy eo amin'ny sehatra ara-tSoratra Masina**

Kopia :
-Filohan'ny Repoblika
-Filohan'ny HCC
-Filohan'ny Antenimieran-doholona
-Filohan'ny Antenimieram-pirenena
-N y Praiminisrtra
-Ny F.F.K.M
"Mba ho fampahafantarana"